# Aza vonoina izy, fa raha mamono azy ianao dia ho eo amin'ny toerana nisy anao izy talohan'ny namonoana azy, ary ianao no ho eo amin'ny toerany talohan'ny nitenenany ny teny nolazainy io

Tatitra azo avy amin'i Miqdad bin A'mro Al-kindì (R.A) niteny : Hoy izy tamin’ny irak’Allah : “Ahoana ny hevitrao raha sendra mifanena amin'ny lehilahy iray tsy mpino aho ka miady izahay, ka namely ny tanako iray amin’ny sabatra izy ka tapaka, dia nandositra niafina tao ambadiky ny hazo izy ary niteny hoe : “Nanolotena amin’Allah aho (hiditra ny finoana islam), ka vonoiko ve izy rehefa avy niteny izany ry Irak'Allah? Dia namaly ny irak'Allah hoe : "Aza vonoina izy." Dia hoy izy : ry irak'Allah! Izy nanapaka ny tànako iray avy eo niteny an'izany taorian'ny nanapahany azy? Niteny ny Irak'Allah (S.A.W) : "Aza vonoina izy, fa raha mamono azy ianao dia ho eo amin'ny toerana nisy anao izy talohan'ny namonoana azy, ary ianao no ho eo amin'ny toerany talohan'ny nitenenany ny teny nolazainy io.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) i Miqdad bin Al-Aswad (R.A) raha mifanena amin'ny olona tsy mpino any am-panaovana ny ady masina, ka niady tamin’ny sabatra izy iroa ka nanapaka tànany iray ilay tsy mpino, avy eo dia nandositra azy ilay tsy mpino ary nialokaloka teo amin’ny hazo, ary niteny hoe : Tsy misy tompo afa-tsy Allah ihany, azoko atao ve ny mamono azy taorian'ny nanapahany tànako? Namaly azy ny Mpaminany (S.A.W) hoe : "Aza vonoina izy". Dia hoy izy : Ry irak'Allah ô! Notapahiny ny tànako iray, tsy tokony hovonoiko amin'izany ve izy? Hoy ny Mpaminany (S.A.W) hoe : “Aza vonoina izy, fa efa lasa voarara ny mandatsa-dra azy, raha mamono azy ianao taorian'ny niovany ho mpino silamo, dia lasa amin'ny toerana misy anao izy, voaro aminy ny fandatsa-drà noho azy taorian'ny fidirany ny islamo, ary ianao dia ho lasa eo amin'ny toerany dia ho azo atao ny mandatsa-drà anao tamin'ny famonoanao azy ho sazy valifaty.